



**« Ny Fanahy Masina ho tonga ao aminao, ary hisy herin'ny Avo Indrindra hanaloka anao »  
(Lio.1:35b)**

Tao amin'ny vakiteny voalohany androany no nandrenesantsika fa nikasa te-hanao tempoly hitoeran'I Jehovah Davida: *“Akory izato izaho mitoetra amin'ny trano sedera, nefa ny fiaran'Andriamanitra kosa mitoetra ao anaty lay”* (2 Sam 7:2). Kanefa somary eo ambanimbany amin'ny teksta eo, dia hitantsika fa nolavin'Andriamanitra izany fikasany izany: *“Ianao va no hanao trano hitoerako?”* ... Tsy tian'Andriamanitra ny hohidiana ao amin'ny Tempoly vato. Te-hanome fitoerana raikitra an'Andriamanitra I Davida, toerana masina, kanefa ny tian'ny Tompo dia mifindrafindra toerana miaraka amin'ny olony, tiany ny hiaraka aminy any amin'izay rehetra misy azy na aiza na aiza.

Ny fetin'ny Noely no manambara amintsika fa ny fotoana nitadiavana an'Andriamanitra tany amin'ny antampon-tendrombohitra, tany amin'ny rahona, tany amin'ny toerana masina, tamin'ny fombafomba sy ny fanatitra isan-karazany dia nifarana teo. Nifarana teo ihany koa ny fotoana izay nampitomboan'ny olona ny fiezahany hiakatra ho any amin'Andriamanitra, toy ny tilikambon'I Babela. Tsy isika no tokony hiakatra hanatona an'Andriamanitra, fa Andriamanitra mihitsy eto no midina sy te-honina ao amintsika.

Amin'ny Noely dia mankalaza ilay Andriamanitra mitady fonenana isika. Hita ho miharihary ny fasamihafan'ny fikasan'I Davida sy Maria eto: Maria dia nandray an'Andriamanitra tao amin'ny tranony tsotra dia tsotra tao Nazareta, ary nanaiky ny hitoerany ao aminy (tamin'ny fitondrana vohoka an'I Jesoa). Izy mihitsy no lasa ilay fiaran'ny fanekena, lasa tempoly vaovaon'Andriamanitra. Ary izany no tsy nisalasalan' I Paoly nanoratra tamin'ny vahoakan'I Korinto hoe: *“Tsy fantatrareo va fa tempolin'Andriamanitra ianareo, ary ny Fanahin'Andriamanitra mitoetra ao anatinareo? Raha misy manimba ny tempolin'Andriamanitra dia mba hosimbain'Andriamanitra kosa izy; fa masina ny tempolin'Andriamanitra dia ianareo izany”*(I Kor 3:16,17).

Lioka, ao amin'ny filazantsara anjarantsika androany dia mampiasa sary toy ny hoe rahona matevina, aloka,” shekinas” mba ho entina manambara ny fanatrehan'Andriamanitra: *“ Ny Fanahy Masina ho tonga ao aminao, ary hisy herin'ny Avo Indrindra hanaloka anao”*. Ao amin'ny bokin'I Genesisy, tany ampiandohan'ny famoronana izao tontolo izao dia voalaza fa *“ny Fanahin'Andriamanitra nanomba tambonin'ny rano, mba hisian'ny fiainana”* (Gen 1:2). Ny Fanahy izay tonga tao amin'I Maria tamin'ny andro nilazan'ny anjely Gabriela taminy dia miteraka famoronana vaovao.

Amin'izao fetin'ny Noely izao dia mbola mitady toerana honenana indray Andriamanitra, ry Havana! Vonona ve ianao hampiantrano Azy? Antenaiko fa tsy isika izao mihitsy no handà Azy tahaka izay niseho tany Betlehema hoe: *“fa tsy nisy toerana ho Azy tany amin'ny tranom-bahiny”*. Tsy tian'Andriamanitra ny hametrahana azy mitokana, na voahidy ao amin'ny toerana masina, fa ny tadiaviny dia ny hiaina sy hifanosina amintsika amin'ny fianantsika an-davan'andro.

Ny fahatongavan'Andriamanitra dia tsy “visite official” toy ny ataon'ireo olom-baventy eto amin'ity izao tontolo izao ity, izay tonga miafina any Irak na Afghanistan, hodidinin'ny miaramila sy ny “gardes des



corps” marobe. Izy ireny dia tsy mba manana fifandraisana amin’ny vahoaka iza misedra fahoriana, herisetra, tahotra, ahiahy, tsy fisian-drano, tsy fisian-tsakafo, tsy fisianà-fanafody, électricité. Fa Jesoa kosa rehefa tonga tamin’ny Noely, dia tsy mba nohodidinà “gardes des corps” na nisy “fandraisana andraikitra goavana hiarovana Azy. Niditra miafinafina sady tsy nanana taratasy akory (sans papier) teto amin’ny tontolo misy antsika Izy. Te-ho eo akaikintsika Izy, mba hahafantatra marina izay miseho ao an-tranontsika, indrindra izay ao am-pontsika. Tsy mba mila fampiomana mialoha noho ny resaka “sécurité” Izy.

Tsy mandositra ny fahaserotana lalovantsika eo amin’ny fiainana Andriamanitra. Havantsika, namantsika akaiky Izy. Ny anjarantsika dia ny manasa Azy hiantrano ao amintsika tahaka izay nataon’I Maria. Afaka entintsika any amin’izay rehetra alehantsika Izy , indrindra any amin’ny tontolon’ireo izay mijaly, any amin’ireo izay mila ny fanampiantsika: ny marary, ny be antitra, ny tanora izay voafatotry ny zava-mahadomelina, ny tsy an’asa, ny sdf, ny olona mipetra-drery, etc...Izany rehetra izany no niseho tao amin’I Maria. Raha vao nanaiky izy hoe: *“aoka anie ho tonga amiko araka ny teninao”*. Dia niainga nandao ny tanànany, nandeha faingana hamangy an’I Elizabeta “cousine-ny” izy, izay efa bevohoka ihany koa ka mila fanampiana. Te-hizara ny fifaliany lehibia dia ny nahatongavany ho tempolin’Andriamanitra I Maria.

Ny litorjian’ny Alahady faha-4 amin’ny advento ry Havana dia azo omena lohateny hoe: *“Mitady trano honenana Andriamanitra”!* Nahatsapa I Lioka fa *“tsy nisy toerana ho Azy tany amin’ny tranom-bahiny”*, ary Jaona kosa dia nilaza fa *“tonga tao amin’ny azy Izy, fa ny azy tsy nandray Azy”*. Tao amin’I Maria ny Tompo no nahita fandraisana mahafatra-po: *“ho tonga amiko anie izany araka ny teninao”*. Enga anie amintsika, amin’izao Noely izao mba hisy ho vonona handray ny Tompo.

Ny zava-miafin’ny fahatongavany ho nofo dia tsy ny fahatsiarovana ny nahaterahany fotsiny, fa fanasàna hizara ny fiainan’Andriamanitra eo amin’ny fiainantsika isan’andro. Amena!

Toriteny alahady 24 desambra 2017  
Pasteur Roger RAFANOMEZANTSOA

## L'Esprit Saint viendra sur toi et il te prendra sous son ombre (Luc 1 :35b)

Dans la première lecture d'aujourd'hui, David veut construire un temple à Jahvé : *«J'habite dans une maison de cèdre, et l'arche de Dieu habite sous la tente»* (2 Sam 7 :2). Mais un peu plus loin dans le texte, nous voyons que Dieu refuse. *«Est-ce toi qui me construira une maison pour que j'y habite?»* ... Dieu ne veut pas se laisser enfermer dans un temple de pierre. David aimerait offrir à Dieu une demeure stable, un espace sacré, alors que le Seigneur se veut nomade avec son peuple, il veut l'accompagner partout où il se trouve.

La fête de Noël nous révèle que le temps où l'on cherchait Dieu sur les sommets, dans les nuages, dans les sanctuaires, dans les rites et les sacrifices est fini. Fini le temps où les hommes multipliaient les efforts pour s'élever jusqu'à Dieu (Tour de Babel). Ce n'est pas nous qui devons monter pour nous approcher de Dieu, c'est Dieu qui descend et vient habiter chez-nous.

À Noël, nous célébrons le Dieu qui se cherche une demeure. Le contraste entre le projet de David et celui de Marie devient évident. Marie reçoit Dieu dans son humble maison de Nazareth et lui permet d'habiter en elle. Elle devient alors la nouvelle arche d'alliance, le nouveau temple de Dieu. Paul pourra écrire sans hésitation aux chrétiens de Corinthe: *«Ne savez-vous pas que vous êtes le temple de Dieu et que l'Esprit habite en vous? Si quelqu'un détruit le temple de Dieu, Dieu le détruira ; car le temple de Dieu est sacré, et ce temple, c'est vous !»* (1 Co 3, 16-17).

Luc, dans son évangile, utilise l'image de la «nuée», de «l'ombre», de la «shekinah», signe de la présence de Dieu. *«L'Esprit Saint viendra sur toi et la puissance du Très-Haut te prendra sous son ombre»*. Dans le livre de la Genèse, au début de la création, *l'Esprit planait sur les eaux pour afin de donner la vie* (Gen 1, 2). L'Esprit qui vient sur Marie, le jour de l'Annonciation, engendre maintenant une nouvelle création.

En cette fête de Noël, Dieu cherche un endroit où habiter. Espérons que nous ne soyons pas obligés de constater que chez-nous, comme à Bethléem, *«il n'y a pas de place pour lui dans notre auberge»*. Dieu ne veut pas être mis à part, être enfermé dans un lieu sacré. Il préfère vivre dans la confusion de nos vies quotidiennes.

La venue de Dieu n'a rien «d'une visite officielle» comme celles que font les grands de ce monde qui se rendent en secret en Irak ou en Afghanistan, entourés de centaines de soldats et de nombreux garde du corps. Ces dirigeants n'ont aucun contact avec les gens du peuple qui souffrent de la violence, de la peur, de l'angoisse, de la pénurie d'eau, de denrée, de médicaments et d'électricité. Quand il vient à Noël, Jésus n'est pas entouré de gardes du corps et de grandes mesures de sécurité. Il entre dans notre monde en clandestin, en sans-papier. Il veut être près de nous pour savoir exactement ce qui se passe dans nos maisons et dans nos cœurs. Il n'a pas besoin d'itinéraires prédéterminés «pour motif de sécurité».



Dieu ne fuit pas les difficultés de la vie. Il est simplement l'un de nous. Il s'invite dans nos maisons, comme il le fit chez Marie. Nous pourrions alors le conduire un peu partout, dans le vrai monde, particulièrement chez ceux et celles qui souffrent, chez ceux et celles qui ont le plus besoin de notre aide : les malades, les personnes âgées, les jeunes aux prises avec des problèmes de drogues, les sans travail, les sans foyer, les personnes seules, etc. C'est ce qui s'est passé avec Marie. Une fois qu'elle eut prononcé son « fiat » («*qu'il me soit fait selon ton désir*»). Elle quitta son village «en hâte» pour visiter sa cousine Élizabeth qui, elle aussi était enceinte, et avait besoin d'assistance. Marie voulait ainsi partager sa grande joie d'être devenue le temple de Dieu.

La liturgie de ce quatrième dimanche de l'Avent pourrait s'intituler: «*Dieu cherche une maison !*» Luc constate «*qu'il n'y avait pas de place pour eux dans l'auberge*»... et Jean ajoute : «*Il est venu chez les siens et les siens ne l'ont pas reçu*». Chez Marie, le Seigneur a trouvé un accueil chaleureux : «*Que tout se passe pour moi selon ta parole*». Espérons qu'il en soit ainsi chez-nous en cette fête de Noël.

Le mystère de l'Incarnation n'est pas simplement un anniversaire de naissance. C'est une invitation à partager la vie même de Dieu dans notre vie de tous les jours.

Prédication dimanche 24 décembre 2017  
Pasteur Roger RAFANOMEZANTSOA